


# Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire



# *Salohy*



**Volana Marza 2013**



## I. Teny mahavelona

### Atreho ny tena ady anaty

#### **Evanjelin'i Md Marka 7,14-23**

*Ary niantso ny vahoaka nankeo aminy indray izy ka nanao taminy hoe: « Mihainoa ahy hianareo rehetra, ka mahafantara. Tsy ny zavatra avy any ivelany miditra ao anatin'ny olona no mahaloto azy, fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona no mahaloto azy. Raha misy manan-tsofina hihainoana, aoka izy hihaino. » Nony niala teo amin'ny vahoaka izy ka tonga tany an-trano, dia nanontanian'ny mpianany ny amin'ilay fanoharana, ary hoy izy taminy: « Hay! hianareo koa mba kely fahalalana toy izany. Tsy fantatrareo va fa izay avy eo ivelany ka miditra ao anatin'ny olona dia tsy mahaloto azy, satria tsy miditra ao am-pony izany fa ao an-kibony ihany, ka ariana any an-katakonana? Izany no mahadio ny hanina rehetra. Fa izay mivoaka avy amin'ny olona, hoy izy, no mahaloto ny olona; satria avy ao anaty, dia avy amin'ny fon'ny olona no ihavian'ny sain-dratsy: dia ny fakam-badin'olona, ny fijangajangana, ny famonoana olona, ny halatra, ny fahihirana, ny hasomparana, ny hafetsen-dratsy, ny fijejojejoana, ny fialonana, ny vava ratsy, ny fiavonavoanana, ny fahadalana; izany zavadratsy rehetra izany no avy ao anatin'ny olona ka mahaloto azy. »*

### **Fandinihana**

☆ « Izay mivoaka amin'ny olona » Mino amin'ny fahafahana anaty ananan'ny olona i Jesoa. Dia ilay fahafahana hahafahantsika mamaritra ny maha izy antsika, ny fomba anehoantsika ny toetrantsika izay avoakantsika avy ao anatintsika ao... Ankehitriny dia mitarika antsika I Jesoa hiatrika ny ady: ny fanaratsiana sy ny fanamasinana (du prophané et du sanctifié ; izay ao anatintsika ao, ny fomba fahatsapantsika, fisainantsika ary hahafahantsika manana fifandraisana manokana amin'ny tenantsika. Dia inty ady farany ity no miantso antsika mba hisokafantsika sy hanorenantsika fanekem-pihavanana Aminy... natao hiainana.

☆ “Izay avy ety ivelany” Ny teny hoe maloto sy madio dia teny avy ety ivelany ka azo atao tsara ny mikirakira azy ireo. Madio aho rehefa mifampikasoka amin'ny madio, fa lasa maloto kosa aho rehefa mifampikasoka amin'ny zavatra maloto...Noho izany afaka midio aho amin'ny alalan'ny fanarahana na fanaovana fomba iray mba hahadio ahy (rite). Koa raha izany fomba izany no ijereko ny manodidina ahy dia tsy miditra ao anatiko aho fa mijanona fotsiny amin'ny hoe madio sy maloto izay toetra toa mandeha ho azy.

☆ *“Henoinareo rehetra aho” Eto I Jesoa dia manasa antsika hanana fijery hafa mihitsy . Tsy ny avy ety ivelany no itsarana ny zavatra iray hoe maloto na madio na koa hoe handraisana na hanariana zavatra iray fa kosa ny fomba fiheverako azy no mety maharatsy na mahamasina azy ka miteraka fifandraisana mifanaraka amin’ny sitra pon’Andriamanitra.*

☆ *“Avy ao am-pon’ny olona” Ny soso-kevitra omen’I Jesoa antsika ary dia tsy ny ady atao amin’ny fomba fijery ety ivelany fa ny ao anaty fontsika ao. Izany dia ny fanatanterahana ny anjara birikintsika nohon’ny fahatongavan-tsaintsika. Ao koa ny firotsahana an-tsehatra hanampy ny hafa tsy misy tambiny; am-pahamarinana sy an-kalalahana. Izany no mahatonga antsika hiantoraka amin’ily nanome sy nandraisantsika fahasoavana.*

### Fotoana fandinihanao mangina...



☆ Inona ny zavatra ety ivelany ; miditra ao anatintsika ka inoantsika fa mampaloto antsika? (Fady)

☆ Nahoana ianao no mino ny tenin’I Jesoa hoe: tsy misy zavatra miditra ao amin’ny olona ka mahaloto azy?

☆ Ho anao manokana, midika inona ho anao ny fanekena ity tenin’i Jesoa voalazan’ny Evanjely ity ?

## II. Vatsy

### FANENTANANA APÔSTOLIKA VOKATRY NY SYNODY “AFRICAE MUNUS”

#### **E. Ny fanorenam-pototra ny Evanjely ao amin'ny kolontsaina ary ny fitoriana ny Evanjely amin'ny kolontsaina**

**36.** Mba hahafahana manatanteraka an'io fiombonana io anefa, dia tsara ihany raha hiverenana ilay zavatra tsy azo ihodivirana notsiahivina tamin'ny Fivoriambe voalohany amin'ny Sinôdy ho an'i Afrika: ny fikarohana lalina momba ny fomba amam-panao ary ny kolontsaina afrikanina. Nahatsapa ireo mpandray anjara tamin'ny Sinôdy fa mivaky roa tsy mety hifandray ny fomba amam-panao entim-paharazana sasany, ao amin'ny kolontsaina afrikanina, sy ny zavatra manokana takin'ny hafatr'i Kristy. Ny fiezahana hanolotra zavatra mitombina ary azo inoana no manery ny Fiangonana handanjalanja lalina, mba hahalalany izay lafiny amin'ny kolontsaina, misakana ny soatoavina raketin'ny Evanjely tsy ho tonga nofo, ary toraka izany koa, misakana an'ireo izay miezaka hampandroso azy.

**37.** Tsy tokony hadinoina anefa fa ny Fanahy Masina no tena tompon'antoka voalohany amin'ny fanorenam-pototra ny Evanjely ao amin'ny kolontsaina, «Izy no mitarika ary mampamokatra ny tafasiry ifanaovan'ny Tenin'Andriamanitra, nambara tao amin'i Kristy, sy ny faniriana lalina indrindra mipoitra avy amin'olona maro ary avy amin'ny kolontsaina. Koa, eo anivon'ny tantara, ao anatin'ny finoana iray ary iombonana, dia io no fitohizan'ny zava-nitranga tamin'ny Pantekôty, izay vao mainka mitombo amin'ny fahasamihafan'ny fombafiteny sy ny kolontsaina». Asan'ny Fanahy Masina no ahafahan'ny Vaovao Mahafaly maninteraka ny kolontsaina rehetra, kanefa amin'ireny tsy misy ekeny hamatotra azy.

Aoka horaisin'ny Eveka ho adidy ny manao izay hahatomombana an'io zava-takin'ny fanorenam-pototra ny Evanjely ao amin'ny kolontsaina io, ao anatin'ny fanajana ny fenitra napetraky ny Fiangonana. Ny fahafantarana ny hoe lafiny inona amin'ny kolontsaina sy amin'ny fomban-drazana no mifanohitra amin'ny Evanjely no ahafahana manavaka ny voa tsara amin'ny voan'ahi-dratsy (jer. Mt 13,26). Koa sady mitoetra tsy miova velively amin'ny maha izy azy ny finoana kristianina, amin'ny fifikirany tanteraka tsy mivaona amin'ny fitoriana ny Evanjely sy amin'ny lovam-panahy iainan'ny Fiangonana, no misalotra ny endrik'ireo kolontsaina tsy tambo isaina sy ny endrik'ireo vahoakam-pirenena mandray azy sy mampiorina azy eo aminy. Amin'izay ny

Fiangonana dia ho lasa famantarana manambara ny hoavy, omanin'Andriamanitra ho antsika', famantarana izay hitondran'i Afrika ny anjara birikiny manokana ny fananganana azy. Amin'ity asa fanorenampotra ny Evanjely ao amin'ny kolontsaina ity, dia tsy tokony hohadinoina fa adidy, isan'ny lehibe ihany koa, ny fitoriana ny Evanjely amin'ny tontolon'ny kolontsaina afrikanina amin' izao andro diavintsika izao.

## FANDINIHANA

1. Araka ny hevitrao, inona moa no mampifanohitra ny Fombandrazana malagasy amin'ny Evangely ? manomeza ohatra.
2. Fa maninona no ilaina ny fampanaraham-bolontany ny Evanjely
3. Lazao amin'ny fomba mazava : inona no atao hoe : fampanaraham-bolon-tany( inculturation)

### **III. Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco**

#### **Ny niandohan'ny fanabeazan'i don Bosco**

Avy aiza ny loharanon'ny fanabeazana Salesianina ?

Tamin'ny salohy N°1 ( volana janoary 2013) dia nomena antsika ny fandinihana mikasika ny nandraisan'i don Bosco an'i Barthelemy Garelli. Nasongadina tamin'izay fa zava-dehibe ny fandraisana eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana.

Nampahafantarina tamintsika tamin'ny Salohy n° 2 ny maha zava-dehibe ny hamamiam-pitiavana. Amin'izao handinika isika ary hanontany tena hoe: avy aiza marina ny loharano niavian'ny fanabeazana salezianina?

Fantatntsika fa i Don Bosco no angady nananana sy vy nahitana ny fanabeazana Salezianina koa raha te hahafantatra ny fanabeazana salezianina sy ny niandohany dia tsy maintsy miverina amin'ny tantarany. Misy roa araka ny voalazan'i don Bosco ny loharano niavian'ity fanabeazana ity ( 2 evenements fondateurs)

Voalohany dia ny nofin'ny don Bosco faha 9 taona ary ny faharoa dia ny fihaonanay tamin'ireo tanora tany ampigadrana.

- Ny nofy faha 9 taona: tamin'io nofy io no nahenin'i don Bosco ilay teny hoe: tsy amin-kerisetra ( force) fa ankalemam-panahy ( douceur) no ahazoanao ny fon'izy ireo.
- Ny loharano fototra faharoa dia ny fandalovan'i don Bosco tany amponjan'ny Turin (Italie) ka nahitany ireo tanaro an-jatony izay manjavozavo ny ho aviny. Imbetsaka i don Bosco no mamangy azy ireo sy manolotra vatsim-panahy ho azy ireo. Mba fantatrao ny zavatra tsy nampoizina fa nanampan-kevitra i don Bosco fa hitondra ireo gadra ireo hitsangantsngana ary tafitany soaman-tsara izany. te ampanadiniana ireo tanora gadra ireo indrindra no nahatonga niteny hoe: “ Raha nisy olona nikarakara azy ireto tanora ireto dia tsy ho tonga amin'izao toerana izao.” Mbola nohamafisiny koa izany hevitra tamin'ny nitenenanay hoe: Ny zava-dehibe dia ny misoroka mialoha mba tsy hanana traikefa ratsy ny tanora. Ary izany no nahatonga ireo asa maro isan-karazanay ataon'ny Salezianina hikarakarana ireo tanora fadiranovana indrindra fa ny tena mahantra ary ao anatin'izany asa izany dia mitsinjo ny: ny fandraisana, fanabeazana , fialamboly, fitantanana ara-panahy, fikarakarana azy amin'ny sehatry ny asa s

A-Halemem-panany na ny Amorevolezza

1. Mba lazao, iza no olomasina tonga ao antsaina voalohany raha mikasika ny halemem-panany?
2. Inona no atao hoe halem-panahy?
3. Inona no ilàna ny halemempanahy eo amin'ny tontolon'ny fanabeazana?

B-Ny traikefa tany niaraka tamin'ireo tanora tany am-ponja

4. Inona no fitaovana nentiny don Bosco teo ampelan-tanana ka nahatonga ireo tanora tany amponja tsy nandositra mihitsy rehefa nentina nitsangatsagnana?
5. Ny mampiomana mialoha dia entitra kokoa noho ny manasazy. Fakafakao ahoana ny hevitrao